FANDAHARANA IOMBONANA

Fanatrehana an'Andriamanitra
Fiarahabana apostolika
- Salamo 66 :1-4

Hira FFPM 6
Vavaka fiderana sy fisaorana

Tenin'Andriamanitra
Hira 190
Fotoana ho an'ny tanora sy ny ankizy
Vavaka fangatahana ny fanazavan'ny Fanahy Masina
Soratra Masina
- Josoa 14: 6 - 15
- Matio 5:13 - 16
- ITes 2: 1 - 12

Hira 209 :1,5
Toriteny
Vavaka setrin'ny Tenin'Andriamanitra sy fifonana
Hira 200 : 1,4

Famelan-keloka
- Isaia 44:22

« Sambatra ny olona izay voavela ny helony…. » Salamo 32 :1-2
Hira 421: 1,2
Fanekem-pinoana
Asa vavolombelona

Raharaham-piangonana
Rakitra: Antoko Mpihira
Fanolorana ny rakitra : Hira 275 : 1, 4.
Hira Fanampiny 17
Vavaka fangatahana
Tsodrano

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen.

HAFATRA

Ry Havana,

Misaotra an'Andriamanitra isika noho izao Alahadin'ny SAF/FJKM izao.
Taom-pankalazana ity taona 2019 ity satria mandia ny faha 45 taonany izao ny SAF/FJKM.

Naorin'ny Fiangonana FJKM tamin'ny taona 1974 izy, araka ny fanapahan-kevitry ny Synoda Lehibe Fahatelo tany Mahajanga ny taona 1972. Lohahevitra tamin'izany ny hoe "Velona ho an'ny hafa" II Kor. 5.15. Teny filamatra entin'ny SAF/FJKM mandraka ankehitriny kosa ny hoe "mitady ny mahasoa ny maro, mba hovonjena izy" I Kor 10:33

Ankehitriny, mananika ny 60 taona ny fahaleovan-tenan'ny firenena Malagasy izay iorenan'ny Fiangonana FJKM kanefa iaraha-mahita ny fahantrana lalina manjo ny vahoaka sy ny fahasimban'ny fiaraha-monina ary ny fahapotehan'ny tontolo iainana. Tsy ho tanisaina ireny.

Miantso mandrakariva ny Tompo; ary ny Fiangonana FJKM araka ny Foto-dalàna sy Fitsipika, dia « ny hijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiaraha-monina. Izany no anehoany ny maha fanasina azy sy maha fahazavana azy eo anivon'ny voahary manontolo sy izao tontolo izao ».
Manana anjara lehibe ny Fiangonana eo amin'ny fitondrana fiovana eo anivon'ny fiaraha-monina ka hahatonga ny olombelona rehetra hanana ny fahafenoana sy ny fahamendrehana araka izay mety ho tratra, mifanaraka amin'ny namoronan'Andriamanitra azy (Lioka 4 /18-19)

Koa manentana hatrany ny Kristiana FJKM, ny Fitandremana sy ny Synodamparitany hanome talenta hampivelatra hatrany ny asa fampandrosoana entin'ny FJKM amin'ny alàlan'ny firotsahana mivantana eny anivon'ny fiaraha-monina. Misy hatrany ny asa fampivoarana sy fampandrosoana azon'ny Fiangonana tanterahana miaraka amin'ny fiaraha-monina misy azy. Singanina amin'izany ny fampiofanana ilain'ny mpamboly sy mpiompy madinika, ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, indrindra ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona, ny fitaizana ara-pahasalamana, ny fanaovana tahiry iombonana ho fiharian-karena na "VOA MAMY", ny fahadiovana sy fidiovana ary fanadiovana, ny fambolen-kazo.sns…
Fomba fiasa efa nosantarintsika izany, ary velarina hatrany hatrany sy hanaovana antso amin'izao Alahadin'ny SAF/FJKM izao.

Toy izao no fomba fiasa :

- Mitarika sy manentana ary manohana amin'ny fanofanana sy fizarana traikefa ny SAF/FJKM
- Omena lanja ny fiaraha-miasa amin'ny ambaratonga samihafa eo anivon'ny FJKM sy ireo Sampana sy Sampan'asa ary Asa, fa tsindriana manokana ny AFF sy ny SEFALA ka "fampiofanana miampitapita" no hatao
- Omena andraikitra sy hofanina koa ireo Mpilatsaka an-tsitrapo efa najoro ("Volontera FJKM") any amin'izay toerana efa misy azy ireny. Entanina ny Synodamparitany mbola tsy misy Volontera hifanome tànana amin'ny SAF/FJKM hananganana sy hanofanana azy ireny.

Amin'izao taom-pankalazana ny faha 45 taona nijoroan'ny SAF/FJKM izao dia hisy hetsika maro hanamarihana izany. Koa manentana antsika Synodamparitany, Fitandremana amin'ny fifanohanana..

Antsoina manokana ireo Fiangonana manana fanomezam-pahasoavana amin'ny firotsahana amin'ny asa soa sy fampandrosoana, ny fanànana olona manana traikefa, ny tanjaka ara-bola; mba hahafoy hizara amin'ny Fiangonana sy Synodamparitany amin'ny Faritra sahirana, mba hifanampy ny hery hahazoana vokatra tsara sy malaky kokoa.

Hotanterahina ny faha 29 hatramin'ny 31 Oktobra 2019 ny Komity Foiben'ny SAF/FJKM.

Mampahery antsika, ry Havana, amin'ny fanatanterahana ny iraky ny Tompo ary mitarika antsika hibanjina hatrany ny fahasoavana sy fahafenoana ao amin'i Jesoa Kristy, fa ao Aminy ihany no hanovozantsika ny hery mba "tsy ho menatra ho vavolombelon'ny Tompo" tokoa isika.
Ho voninahitr'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina irery ihany.

Ny Filankevipitondrana SAF/FJKM

SAF/FJKM
SAMPAN'ASA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

mitady ny mahasoa ny maro 1Kor 10: 33

1974 - 2019
45 Taona
Member of actalliance

Alahady hitondrana am-bavaka ny SAF/FJKM
17 Martsa 2019

FANDAHARANA IOMBONANA

Lohahevitra: **MANAMASINA FIAINANA HO AN'NY TOMPO**

Ireo Fitandremana nahatonga Rakitra taona 2018

FJKM Salema Vaovao 67 Ha	20 000 Ar
FJKM amboasary atsimo	19 300 Ar
FJKM Belavabary Faharetana	13 000 Ar
FJKM Anosizato Hebrona	214 300 Ar
FJKM Alahadin'ny SAF/FJKM	20 000 Ar
FJKM Ankazomanga	10 000 Ar
FJKM Ambohipotsy	226 300 Ar
FJKM Betsizaraina	40 900 Ar
FJKM Mandrosoa Ambohijatovo	94 100 Ar
FJKM Betela Marobiby	68 400 Ar
FJKM Anonimasina Ziona	73 700 Ar
FJKM Andramahavola	179 570 Ar
FJKM Ambodimita Betela	52 900 Ar
FJKM Amparihivato	15 000 Ar
FJKM Vodiala	10 000 Ar
FJKM Soamonina Fanavaozana	6 370 Ar
FJKM Andranovelona Fitiavana	3 900 Ar
FJKM Antanetibe Maromby	2 010 Ar
FJKM Iarinarivo	7 000 Ar
FJKM Ambatomena	134 750 Ar
FJKM Tranovato faravohitra	803 000Ar
FJKM Ranivo Maritiora	42 700Ar
FJKM Alahadin'ny SAF/FJKM	17 220 Ar
FJKM Andohatapenaka	20 100 Ar
FJKM Ambohimandroso	43 000 Ar
FJKM Ambalavao Isotry	30 000 Ar
FJKM Antanetibe Fitiavana	10 800 Ar
FJKM Ambohidroa Antehiroka	20 000 Ar
FJKM Antanimafy Fahazavana	13 100 Ar
FJKM Amparibe Famonjena	50 000 Ar
FJKM Mahitsy Fehizoro	15 000 Ar
FJKM Ambohitrinibe Fahazavana	29 000 Ar
FJKM Imerina Imady	10 600 Ar
FJKM Ambalamanakana	4 000 Ar
FJKM Ambovombe	10 000 Ar
FJKM Ambahombe	1 800 Ar
FJKM Antanimena Andrefana	360 400 Ar
FJKM Ambohimanandray	20 000 Ar
FJKM Amperifery	7 700 Ar
FJKM AMbodihady Vaovao	20 000 Ar
FJKM Tranovato Ambatonakanga	100 000 Ar
FJKM Ambohimiandra	100 000Ar
FJKM Isoavina FIHAVAOZANA	70 520 Ar
FJKM Mahitsy Famonjena	78 400 Ar
FJKM AMboasary Atsimo	12 000 Ar
FJKM Sanganoro	19 050 Ar
FJKM Ankotrobe	5 000 Ar
FJKM Tsarazaza Finoana	5 900 Ar
FJKM SP Ambovombe Kristy Ranovelona	25000 Ar
FJKM Ambohijafy Fanantenana	20 000 Ar
FJKM Ankavandra	10 200 Ar
FJKM Ambohimiraray Faharetana	6 000 Ar
FJKM Fort Dauphin	20 000 Ar
FJKM Ambohijatovo Fitiavana	50 000Ar
FJKM Amoron'Imania	11 300 Ar
FJKM Andraikiba	13 500 Ar
FJKM Ankirihiry	75 000Ar
FJKM Tsiroanomandidy	180 000 Ar
FJKM Ambohimanandray	82 400 Ar